

## Filemona

<sup>1</sup> I Paoly, mpirohi' IESOÀ Norizañey, naho i Timoty rahalahintika: Ho a i Filemona rañetse naho mpifanehake ama'ay, <sup>2</sup> naho i Apiae rahavaventina, naho i Arkipo lahin-defon-tika, vaho i Fivory añ' anjomba'oy: <sup>3</sup> Hasoa naho fañanintsiñe ama'areo boak' aman' Añahare Raentika naho i TALÈ IESOÀ Norizañey.

### *Fañandriañane naho Filolofañe*

<sup>4</sup> Mañandriañe an'Andrianañahare nainai'e naho manoñoñe azo amo filolofakoo— <sup>5</sup> amy te tsinanoko ty fatokisa'o amy TALÈ IESOÀ naho ty fikokoa'o o noro'e iabio — <sup>6</sup> soa te hamokatse ho ami' ty faharendrehañe ze hasoa ama'o amy Norizañey ty fitaroña'o am-patokisañe. <sup>7</sup> Toe mahafale naho mañohò ahy ty fikokoa'o, amy nampanintsiñe'o ty arofo' o noro'eoy, ry rahalahy.

### *Ty Halalie'e i Onesimosy*

<sup>8</sup> Ie amy zao, ndra hoe mirearea amy Norizañey raho handily azo hanao ze mañeva, <sup>9</sup> fe o fikokoañeo ty ihalaliako, zaho Paoly migain-kantetse naho mpirohi' IESOÀ Norizañey henaneo, <sup>10</sup> ie idrakadrakafako i Onesimosy anako nampiareñeko, zaho an-tsilisily, <sup>11</sup> ie tsy nahasoa azo te taolo, fa mahasoa azo naho ahy henaneo. <sup>12</sup> Ahitriko mb'eo am-bata'e re, ty troko 'nio, <sup>13</sup> ie ho nitanako atoa hitoroñe

ahy ty ama'o amo rohy toañe ty amy talili-soay, <sup>14</sup> f'ie tsy ho nanao inoñ' inoñe naho tsy niera ama'o hey soa tsy ho nazitse ty hasoa ho nanoe'o an-tsatri'o. <sup>15</sup> Va'e zay ty nifampirià'e ama'o betebeteke handrambesa'o aze indraiike ho pak' añ'afeafe'e aña, <sup>16</sup> tsy ho ondevo ka, fa lombolombo' ty ondevo, toe rahalahy isoke, mentsake amako, fa somandrake ama'o antsandriñe naho amy TALE ao.

*Ty Fampitama'i Paoly i Filemona*

<sup>17</sup> Aa naho atao'o rañe'o raho, le ampihovao re manahake te zaho. <sup>18</sup> Fe naho eo ty nandilara'e azo ndra anaña'o songo ndra fire-fire, le ampisongò amako. <sup>19</sup> Zaho Paoly ty manoratse toy antañako. Zaho ty hañavake—tsy hataoko ty hoe te nisongoe'o amako ty fai'o. <sup>20</sup> Eka, ry rahalahy, hasoa raho amy TALE ao; ampanintsiño amy Norizañey ty troko. <sup>21</sup> Ihe atokisako te hiantoke, ty anokirako, amy te apotako te ho likoare'o i asakoy.

<sup>22</sup> Tovo'e, añañalankaño trañon' ambahiny hitobohako, fa o halali' areoo ty itamako te hatolots' ama'areo. <sup>23</sup> Mañontane azo t'i Epafra, mpindrepirohy amako am' IESOÀ Norizañey, <sup>24</sup> naho i Marka, i Aristarko, i Demasy, i Lioke, mpifanehake amako.

<sup>25</sup> Ty hasoa' i Talè Iesoà Norizañey amo arofo' areoo. Amena.

**Saontsin' Añahare**  
**The Holy Bible in the Tandroy language of**  
**Madagascar**  
**La Sainte Bible en langue tandroy de Madagascar**

Copyright © 2023 Steve Lellelid

Language: Tandroy (Malagasy, Tandroy-Mahafaly)

**DRAFT VERSION**

This translation is made available to you under the terms of the Creative Commons Attribution Share-Alike license 4.0.

You have permission to share and redistribute this Bible translation in any format and to make reasonable revisions and adaptations of this translation, provided that:

You include the above copyright and source information.

If you make any changes to the text, you must indicate that you did so in a way that makes it clear that the original licensor is not necessarily endorsing your changes.

If you redistribute this text, you must distribute your contributions under the same license as the original.

Pictures included with Scriptures and other documents on this site are licensed just for use with those Scriptures and documents. For other uses, please contact the respective copyright owners.

Note that in addition to the rules above, revising and adapting God's Word involves a great responsibility to be true to God's Word. See Revelation 22:18-19.

2024-05-03

---

PDF generated using Haiola and XeLaTeX on 3 May 2024 from source files dated 3 May 2024

25d648f1-3cb3-5c21-a9e0-49038eca9d1c